
RAFENOMEZANTSOA JEAN NIRINA

# Nametra-pialana tsy ho tale jeneralin'ny Fitrama

Fitsaboana nentim-paharazana, nametra-pialana tsy ho tale jeneralin'ny Fitrama: Fitsaboana Tradisiônaly Malagasy, Rafanomezantsoa Jean Nirina. Nambarany fa:"ny Fitiavan-Tanindrazana dia mipetraka ho vahaolana, fa tsy natao ho olana.
Mafy ary mampalahelo ny miala amin'ny ezaka vita izay nandaniana fotoana ary nandaniana herimpo. Nefa ilaina koa ny manandratra sy manome hasina ny lalàna manankery sy ny A.N.T.M ary ny Minisiteran'ny fahasalamambahoaka. Noho izany, hametra-pialana tsy ho Tale Jeneralin'ny FITRAMA aho. Ankoatr' izany, taorian'ny naoty navoakan'ny Minisiteran' ny Fahasalamam-bahoka. Dia nanapa-kevitra ny hampiato ny fiofanana arak'asa ireo tanora izay tokony hatao ao anatin'ny 3 volana izahay ato amin'ny Foibe Fitrama. Tianay ny manamafy, fa tsy asa fitsabona nentimpaharazana no nanarahany fiofanana, fa sehatra maromaro samy hafa. Mba hialana amin'ny dika vilana dia hitondra fanazavana feno ara-taratasy amin'ny tompon'andraikitra ara-panjakana ny momban'ny asa ataon'izy ireo izahay, sy ny orinasa hampiasa azy ireo aorian'ny fiofanana. Aorian'io dia hiverina ny fampiofanana azy ireo. Izay marihina hatrany fa tsy misy ifandraisany amin'ny fitsabona nentim-paharazana."



*Rafanomezantsoa Jean Nirina, tale jeneralin'ny Fitrama teo aloha.*

**Stefa**

Kolontsaina

# Marary mila tolo-tanana i Thierra Bruno

"Tianao va ? Ravoro-madin'irony. Tsipolitra,..." Anisan'ny hira nahafantarana an'i Thierra Bruno avokoa ireo hira ireo. Marary mila tolo-tanana amin'izao fotoana ity mpanakanto manana ny lazany ity, ka iantsoana izay voatsirambin'ny tanana amin'ny malala-tanana ny fanampiana amin'ny fitsaboana azy, noho ny aretina izay mahazo azy amin'izao fotoana. Noho izay antony izay, nanatanteraka tolo-tanana ho azy ny antoko TIM Antananarivo Atsimondrano ny sabotsy teo, teny amin'ny Magro Tanjombato. Tsy misy manana ny ampy tokoa, fa sambatra izay mifanampy.

***Niaina***




*Ny tolo-tanana teny Tanjombato ny sabotsy teo.*

Fitsaboana nentim-paharazana

# Mampitandrina ireo tsy ara-dalàna sy tsy manara-dalàna ny ministera

Mampitandrina ireo tsy ara-dalàna, sy tsy manara-dalàna ny ministeran'ny fahasalamana mahakasika ireo mpitsabo nentim-paharazana. Misy ny fanambarana nataony momba izay:
"Ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka manoloana ny firongatry ny tsy fanarahan-dalàna eo amin'ny fanatanterahana ny asa fitsaboana nentim-paharazana dia manambara fa:
-Raràna ny fanaovana dokam-barotra na an-kolaka na mivantana amin' ny peta-drindrina, amin'ny haino aman-jery samihafa, ny asa fitsaboana, ny mpítsabo, ny toerampitsaboana ary ny fanafody nentim-panarazana.
-Voarara ho an'ny Mpitsabo nentim-paharazana : ny fampiasana ny fitaovana fampiasan'ny dokotera, fampiasana ny fitaovana tsy voamarina aratsiantifika ary tsy nahazo fanekena avy amin'ny Ministera toy ny «Bioscan», sns…
Fampiasana ireo voambolana medikaly ho an'ny fitsaboana moderna «médecine conventionnelle».
Fampiasana ireo fanafody simika izay fampiasan'ny mpitsabo moderna. Fampiasana ireo fomba fiantsoana toy ny profesora, dokotera, rasazy, sns…
-Ny toeram-pitsaboana nahazo alalana teo anivon'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka irery ihany, no afaka manao ny peta-drindrina famantarana.
Gaboraraka loatra tokoa ity sehatry ny fitsaboana ity eto amintsika amin' izao fotoana: na nentimpaharazana na moderna, ka ilaina ny famerenana ny rehetra ho amin'ny sehatry ny fanarahan-dalàna, ny ministera koa no toa tsy mampihàtra ny lalàna amin'ity sehatra ity, ka mahatonga izao fikorontanana amin'ny sehatry ny fahasalamana izao.

***Nangonin'i Aly***

Footsall Féminin TournOver II

# Fantaro ireo ekipa hiatrika ny 1/4-dalana

Fantatra taorianan'ny andro faha-3 tamin'ny fifaninanana TurnOver II, notontosaina tetsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina tamin'ny sabotsy 25 febroary 2023 lasa teo, ireo ekipa hiatrika ny dingan'ny 1/4-dalana amin'ny fifaninanana "Footsall Féminin TournOver II" dia ao ny : Vondrona A : Usm (isa 9), Ium (isa 6), Vondrona B : Onifra (isa 6), Umagis, Vondrona C : Aceem (isa 6), Fsh Ucm (isa ), Vondrona D ; Isfps (isa 9), Meff (isa 4). Fandaharan-dalo 1/4-dalana amin'ny 04 martsa 2023 : Usm (1A) # Fsh Ucm (2c), Onifra (1B) # Meff (2D), Aceem (1C) # Ium (2A), Isfp (1D) # Umagis (2 B). Voka-dalao andro faha-3 : Usm 2 – 0 Faculté des Sciences, Ium 1 – 0 Fss Ucm, Ists 2 – 3 Umagis Onifra, Université Fjkm 3 – 2 Ists, Aceem 3 – 1 Fsh Ucm, Isfp 5 – 0 Fdsp, Espa 1 – 1 Meff.

***Rainilita***



*Lalao TurnOver II teny Mahamasina.*

Mpitsabo Tasa Madagasikara

# Misoroka ny tazo ao anatin'ny olombelona ny fanadiovana ny aty

Mahazo vahana ny trangana tazo mahery indrindra any amin'ny faritra Melaky: any Antsalova, … Miainga avy amin'ny tsy fahatomombanan'ny "aty" ny tazo, hoy ny Dokotera Rakotondranaivo Jean Pierre, mpitantana ny mpitsabo Tasa Madagasikara ary miseho amin'ny endrika maro ity aretina ity toy ny "épatite A; épatite B; épatite C; épatite Fièvre…". Nanohy fanazavana ity mpitsabo ity, fa tery ny fikorian'ny rà ao anatin'ny vatan'ny olombelona rehefa reraka ny taova: aty, vokatr'izany, lasa mafana ny rà rehefa tsy mivoaka ireo "Microbe" ao anatiny, ka miteraka ny aretina épatite C. Nanamafy Dr Rakotondranaivo Jean Pierre, fa mangidihidy avokoa ny hoditra sy ny tarehy ary ny volo, vokatrin'ny fahalotoan'ny lalan-drà nohon'ny tsy fahasalaman'ny "Aty". Nilaza ity mpitantana ny Mpitsabo Tasa Madagasikara ity, fa ny fanadiovana ny "aty" amin'ny alalan'ny vokatra zavamaniry no fiarovana tsara indrindra, ho fisorohana ny aretina tazo mahery ary efa betsaka ireo olona efa sitrana rehefa nanatona ny Tasa Madagasikara manerana ny Nosy. Nanamafy ity mpitsabo ity, fa ny ravintsara manana endrika "Eau florale"; ny Katrafay; ny Mandravasarotra; ny "Corossol"; ireo zavamaniry natokana ho fanampintsaaafo, no zavamaniry fototra nentin'ny Tasa Madagasikara manamboatra ny fanafody rehetra hitsaboana ny tazo mahery ary etsy 67 Ha Avaratry ny Paositra no misy ny foibeny. Ny laharana 0347194093 no laharantariby ahazoana ny dr Jean Pierre ary ahitana an' ireo ivon-toerana Tasa Madagasikara avokoa ireo faritra manodidina an'Antananarivo toy ny etsy amin'ny Kaominina Talatamaty; eo akaikin'ny Farmasia Andoharanofotsy; etsy Andranonahoatra Itaosy; eo akaikin' ny Gamo Ampasampito; akaikin'ny Vatosoa Ankadindramamy.



*Dr Rakotondranaivo Jean Pierre.*

***Franck Razakambelo***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00